REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

## FANAVAOZANA NY FITANTANANA NY FIANKOHONANA

# TARIDALANA HO AN'IREO TOMPON'ANDRAIKITRA ISA-TSOKAJINY



CNECI instat PRODIGY UNITE DE GOUVERNANCE DIGITALE

# Teny fanolorana

Ny fiantohana ny fananan'ny isam-batan'olona tsy an-kanavaka fahiziana mazava, araka ny lalàna dia anisan'ny tarigetra tiana hotratrarina amin'ny alalan'ny Tanjon'ny Fampandrosoana Lovain-jafy (ODD 16.9) amin'ny taona 2030.
Dingana goavana, nanombohana izany ezaka izany ho an'i Madagasikara ny fandaniana ny lalàna laharana faha 2018-027 mikasika ny fiankohonana, navoaka hanan-kery ny 08 febroary 2019. Io rijan-tenin-dalàna io dia mikendry indrindra ny fanavaozana ny fitantanana ny fiankohonana izay miroso miandalana mankany amin'ny fampiasana ny tekonolojia vaovao mba hahafahana indrindra :

- Mametraka rafitra ara-kajy momban'ny fiankohonana mirakitra antotan-kevitra sy antotanisa azo antoka,
- Manatsara sy manamafy ny fahaiza-manao'ireo mpisehatra isan-tsokajiny,
- Mitondra fanatsarana maharitra ny fombafomba firaiketana sy fitantanana ny sora-piankohonana manerana ny Nosy,
- Manome lahara-panondroana tokana ho an'ny olom-pirenena tsirairay.

Mba hahafahana manana vokatra azo tsapain-tanana manoloana izany dia miroso amin'ny fampidirana ny teknolojia vaovao ara-haikajy ny Ministeran'ny Atitany, miaraka amin'ireo Ministera hafa voakasika. Amin'ny alalan'ny tetikasa PRODIGY izay vatsian'ny banky iraisam-pirenena vola no anatontosana izany.

Natao indrindra àry, araka izany ity Taridalana ity mba hampahatsiahivana ireo hevi-dehibe itantanana ny fiankohonana andaniny, ary hanampy ireo mpikirakira mivantana ny rafitra ara-haikajy sy ny teknolojia manodidina izany ankilany. Ampahatsiahivina etoana fa mifanidran-dalana hatrany ny fomba fikirakirana an-tanana sy an-taratasy ny fiankohonana, toy ny firaiketana ny sora-piankohonana amin'ny rejisitra, sy ny fampidirana miandalana ny teknolojia vaovao.

Mampirisika anareo mpisehatra mivantana araka izany mba hanaraka an-tsakany sy an-davany izay voarakitra amin'ity taridalana ity.

**RAHAJAVOLOLONIAINA Niritsoa Harinandrasana**

MINISITRY NY ATITANY

# Fizarana voalohany

## FITANTANANA NY FIANKOHONANA NAVAOZINA : FITANTANANA AN-TARATASY SY ARA-KAJY MIRINDRA



## I. Ireo didy aman-dalàna manankery

### Ireo didy aman-dalàna manankery mifehy mivantana ny fiankohonana

- Lalàna laharana **2018-027 tamin'ny 8 febroary 2019** mifehy ny fiankohonana
- Didim-panjakana laharana 2023-515 tamin'ny 9 mey 2023 mifehy ny Laharam-panondroana Tokana (Numéro Unique d'Identification)
- Tenimita laharana **788-MJ/CAB tamin'ny 29 desambra 1961** mikasika ny firaketana ny fiankohonana
- Tenimita laharana 196-MJ/DIRAJ/EC tamin'ny 14 desambra 1982
- Tenimita laharana 25/MJ/DIRAJ/EC/87 tamin'ny 17 aogositra 1987

### Ireo didy aman-dalàna hafa mifandray amin'ny fiankohonana

- Lalàna laharana 2014-038 tamin'ny 9 janoary 2015 mifehy ny fiarovana ny antontan-kevitra mahakasika ny lafiny manokana
- Lalàna laharaha 63-022 tamin'ny 20 novambra 1963 mifehy ny fianahana

### Ireo fanavaozana entin'ny lalàna 2018-027 mikasika ny fiankohonana

| | TALOHA | ANKEHITRINY |
|---|---|---|
| Fepotoana anaovana ny fanambarana | 12 andro | 30 andro |
| Fepotoana andefasana ny boky firaketana ny fiankohonana eny amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany mahefa | x | 03 volana manaraka ny famaranana ny boky |
| Tahiry fototra ara-haikajy (Base de données) | x | Vao napetraka |
| Rafitra ara-haikajy mirindra momba ny sora-piankohonana (Système Informatisé de l'État Civil - SIECM) | x | Vao napetraka |
| Laharam-panondroana Tokana (Numéro Unique d'Identification - NUI) | x | Vao napetraka |
| Birao ifoton'ny fiankohonana (Bureau d'État Civil - BEC) | x | Natao ho an'ireo fokontany lavitra sy saro-dalana |
| Ivotoeram-pirenena misahana ny fiankohonana (Centre National de l'État Civil et de l'Identité - CNECI) | x | Vao napetraka |

### Ireo teboka tsy nahitam-piovana

- Ny fampiasana ny rejisitra na boky firaketana ny fiankohanana izay atao roa sosona hatrany na dia eo aza ny fisian'ny rejisitra ara-haikajy;
- Ny mpiandraikitra ny soram-piankohonana;
- Ny soram-piankohonana;
- Ny soratra an-tsisiny;
- Ny fanarenana sy/na fanitsiana sora-pianakohonana;
- Ny didim-pitsarana misolo sora-piankohonana.

# II. Fanambarana sy firaketana fahaterahana

## II.1. Fepetra fototra

- Raha vao teraka ny zaza dia anaovana fanambaram-pahaterahana. Araka ny fepotoana voatondron'ny lalàna dia ao anatin'ny telopolo (30) andro manomboka ny daty ahaterahan'ilay zaza no hanaovana izany.

***Fanamarihana :***
*Tafiditra ao anatin'io fepotoana 30 andro io avokoa ireo andro rehetra mandrafitra ny volana iray (izany hoe na sabotsy na alahady). Na izany aza anefa, raha toa ka mifanitsy amin'ny andro tsy fiasana (Ohatra : Alatsinain'ny paska) ny daty farany mahafeno 30 andro ilay fepotoana dia tokony horaisina ny fanambarana tonga amin'ny andro manaraka io daty io mba tsy hahavery zo an'ilay zaza vao teraka.*

- Ny fampahafantarana fahaterahana dia atao eny amin'ny tobim-pahasalamana ary arahana taratasy mifanaraka amin'izany

- Ny fanambarana fahaterahana dia raisina :
  - **Eny amin'ny Fokontany** ho an'ireo fokontany lavitra sy saro-dalana : Ny lehiben'ny Fokontany no manana fahefana handray ny fanambaram-pahaterahana amin'io tranga io.
  - **Eny amin'ny Kaominina** : Ny sampan-draharaha misahana ny fiankohonana eo anivon'ny Kaominina dia mandray fanambaram-pahaterahana toy ireo trangam-piankohonana hafa.

- Ny firaketana ny fanambaram-pahaterahana (enregistrement des naissances) dia tanterahina :
  - **Eny amin'ny Kaominina** : Ny sampan-draharaha misahana ny fiankohonana eny anivon'ny kaominina nahaterahana.

***Fanamarihana :***
*Mamoaka sora-pahaterahana avy hatrany ny Kaominina, araka ny fahefana omen'ny lalàna ny mpiandraikitry ny fiankohonana.*

  - **Eny amin'ny Fokontany** : Omen'ny lalàna fahefana ihany koa ny birao ifotony misahana ny fiankohonana eny amin'ireo Fokontany sasan-tsasany izay voafaritra amin'ny didy amam-pitsipika.

***Fanamarihana :***

- *Tsy manana fahefana hamoaka sora-pahaterahana ny lehiben'ny Fokontany na ny lefiny ary ny firaketana ny trangam-pahaterahana atao eny anivon'ny Fokontany dia tsy azo raisina ho toy ny sora-pahaterahana avy hatrany.*
- *Afaka manatona eny amin'ireo toerana misy ny trangam-pahaterana ao anatin'ny fari-piadidiany ireo tompon'andraikitra manana fahefana handray fanambaram-pahaterahana raha misy antony ilaina izany. (And. -44, lalàna 2018-027)*

- Raha vao teraka ny zaza dia omena **Lahara-panondroana Tokana (NUI)**
  - Ny sora-pahaterahana dia tokony ahitana avy hatrany io Laharam-panondroana Tokana io.
  - Manan-kery mandritra ny zotram-pianan'ny olom-pirenena ny Laharam-panondroana Tokana omena azy.

## II.2. Olona mandray anjara amin'ny fikarakarana ny sora-pahaterahana

### II.2.1. Ny mpanao fanambarana

| TRANGA | MPANAO FANAMBARANA |
|---|---|
| Zaza teraka teny ao amin'ny tobim-pahasalamana | • Fitantanan-draharaha eo anivon'ny hopitaly na ny tompon'andraikitra eny anivon'ny tobim-pahasalamana<br>• Ray na renin'ilay zaza<br>• Ray aman-drenibe nipoirana (Ascendants)<br>• Fianakaviana akaiky |
| Zaza teraka ivelan'ny tobim-pahasalamana | • Mpitsabo na mpampivelona nampiteraka<br>• Ray na Renin'ilay zaza<br>• Raiamandrenibe nipoirana<br>• Fianakaviana akaiky<br>• Izay rehetra nanatrika na nampiantrano nandritra ilay fiterahana |
| Zaza hita | • Izay olona nahita ilay zaza (And.-51) Azo raisina ihany koa ny fomba fanao faka-tahaka ny fanambaram-pahaterahana ataon'ireo tompon'andraikitry ny ivotoerana mpitaiza zaza kamboty, mikasika ireo zaza misy manatitra an-tsokosoko eny amin'ny Ivotoerana voakasika. |

### II.2.2. Ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana

- Ny **Ben'ny tanàna sy ireo lefiny** (Officier d'État Civil - OEC) no mpiandraikitra ny fiankohonana. Izy ireo ihany no afaka mandray sy mitahiry ny sora-piankohonana ary manamarina na manatoa (anthentifier) ireo sora-piankohonana. Izy ireo irery ihany no afaka manao sonia ny rejisitra sy ny sora-piankohonana (Ankoatra ny mpanao fanambarana).
- Ny **Mpitan-tsoratra miandraikitra ny fiankohonana** (Secrétaire d'État Civil - SEC) eny anivon'ny kaominina no mandray an-tsoratra ireo fanambaram-piterahana sy ireo tranga mikasika ny fiankohonana rehetra.

- Ny **lehiben'ny iraka ara-diplomatika** manana fari-piadidiana konsiolera sy ny lehiben'ny toeram-piasana konsiolera no misahana ny asan'ny mpiandraikitra ny fiankohonana ho an'ny trangam-piankohonana mahakasika ireo mizaka zom-pirenena malagasy mipetraka any ivelany. (Jereo ny pejy misy ny soratra antsisiny amin'ity taridalana ity mba hahafahana mifehy ny fifandraisan'ny asa amin'izy ireo sy ny sampandraharahan'ny fiankohonana eto antoerana).

***Fanamarihana :***

- *Tsy afaka mandray fanambarana mifanohitra amin'izay voalazan'ny mpanao fanambarana ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana na ihany koa manao izany amin'ny fomba mandeha tsy voizina.*
- Tsy tompon'andraikitra amin'ny fahamarinan'ny fanambarana noraisiny izy.
- Tsy afaka mandray anjara amin'ny endrika hafa ao amin'ny sora-piankohonana ataony ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana (Ohatra : Ny Ben'ny tanàna iray dia tsy afaka manao sonia ny Sora-pahaterahan'ny zanany).

## II.3 Fombafomba hajaina mikasika ny fanambarana fahaterahana

### II.3.1 Dingana arahina

Raha vao teraka ny zaza dia atao avy hatrany ny fanambarana fahaterahana. Tsy mangataka andro ny mpanao fanambarana mba hahafahana manaja ny fepotoana 30 andro voalazan'ny lalàna.

Araky ny voalazan'ny lalàna dia manana **30 andro** aorian'ny fahaterahana ny mpanao fanambarana hanaovana izany eny anivon'ny kaominina. Amporisihina hatrany anefa ny mpanao fanambaràna mba hanatontosa izany haingana arak'izay azo atao.

Toy izao manaraka izao ny fombafomba atao rehefa hanao fanambarana fahaterahana arakaraky ny tranga miseho :

a. Ho an'ireo toerana voarakotra tambazotra

**1**



- ***Mameno ny fampahafantarana fahaterahana an-taratasy***
- ***Mameno ny fampahafantarana fahaterahana amin'ny alalan'ny tablette***
- ***Mandefa izany an-jotra any amin'ny kaominina***

**2**



- ***Manatitra ny taratasy ilaina rehetra any amin'ny kaominina***

**3**



- ***Mandray ny fanambarana miaraka amin'ny taratasy ilaina***
- ***Manamarina ny mombamomba ilay fanambarana ao anaty taratasy ilaina sy an-jotra***
- ***Manoratra eo no ho eo ny sora-pahaterahana***

**4**



- ***Manamarina ireo andinindininy voarakitra ao amin'ny rejisitra sy ny sora-pahaterahana voalohany***

**5**



- ***Manao sonia ny rejisitra***

**6**



- ***Maharay ny kopia voalohany izay maimaimpoana***



*Mpiasan'ny fahasalamana*



*Mpanao fanambarana*



*Mpitan-tsoratra miandraikitra ny fiankohonana / Mpiandraikitra ny fiankohonana*

***Fanamarihana :***

- *Mianga any amin'ny tobim-pahasalamana ny fanambarana*
- *Rehefa lasa anjotra ny fampahafantarana fahaterahana dia mila manantona haingana any amin'ny Kaominina misahana izany ny mpanao fanambarana*

**b. Ho an'ireo toerana tsy voarakotra tambazotra**

**1**

- ***Mameno ny fampahafantarana fahaterahana an-taratasy***

**2**

- ***Manatitra ny taratasy ilaina rehetra any amin'ny kaominina***

**3**

- ***Mandray ny fanambarana miaraka amin'ny taratasy ilaina***
- ***Mampiditra ny fanambaram-pahaterahana amin'ny alalan'ny tablette na ny solosaina ary mampiditra ny laharam-panondroana tokana izay efa voazara mialoha***
- ***Manoratra eo no ho eo ny sora-pahaterahana***

**4**

- ***Manamarina ireo andinindininy voarakitra ao amin'ny rejisitra sy ny sora-pahaterahana voalohany***

**5**

- ***Manao sonia ny rejisitra***

**6**

- ***Maharay ny kopia voalohany izay maimaimpoana***

*Mpiasan'ny fahasalamana*

*Mpanao fanambarana*

*Mpitan-tsoratra miandraikitra ny fiankohonana / Mpiandraikitra ny fiankohonana*

***Fanamarihana :***

- *Ny mpitantsoratry ny fiankohonana no mampiditra ny fanambarana anjotra amin'ny alalan'ny tablette*
- *Rehefa mahazo ny taratasy fampahafantarana fahaterahana araka izany ny mpanao fanambarana dia manatona avy hatrany ny Kaominina misahana izany*

## II.4. Ny andraikitry ny mpiantsehatra tsirairay

### II.4.1. Ny tompon'andraikitra eny amin'ny tobim-pahasalamana

Tranga roa no mety hiseho :

**Tranga voalohany** : ny tompon'andraikitra eo anivon'ny tobim-pahasalamana manao ny andraikiny **mampahafantatra fotsiny** ny fahaterahana. Olona hafa eto no mpanao fanambarana (ohatra ny rain'ny zaza vao teraka)

- Mameno ny taratasy fampahafantarana fahaterahan'ireo zaza vao teraka.
- Mampiditra ny fanambarana ao anaty "tablette" ary mandefa izany any amin'ny Kaominina amin'ny alalan'ny teknolojia ampitain-davitra.
- Mirakitra ny fahaterahana ao anaty boky natokana ho amin'izany eo anivon'ny tobi-pahasalamana araka ny fandaminan'asa efa natao hatrizay.

**Tranga faharoa** : ny tompon'andraikitra eo anivon'ny tobim-pahasalamana no mandray ny toeran'ny mpanao fanambarana fahaterahana (tsy misy olona hafa miantsehatra)

- Manatitra ny fanambarana sy ny taratasy ilaina rehetra eny amin'ny kaominina
- Manamarina ireo andinindiny voasoratra ao amin'ny rejisitry ny fahaterahana sy ny sora-piankohonana voalohany
- Manao sonia ny rejisitry ny fiankohonana eny amin'ny Kaominina (mitaky fandaminana mazava sy mahomby eo amin'ny roa tonta ity asa ity mba hahafahana mampirindra tsara izany).

**Fepetra hafa tokony hapetraka eo anivon'ny tobim-pahasalamana:**

- Mampiditra ny "tablette" ao anatin'ny "compte matière" ny tompon'andraikitra voakasik'izany raha vao voaray ny fitaovana.
- Mameno ny takelaka fanambaram-pitantanana na "fiche de détenteur effectif"
- Manao famindram-pitantanana (passation) ara-dalàna isaky ny miova ny olona mampiasa ilay "tablette".
- Mitahiry sy mikajy ny "tablette", izay fananam-panjakana. Mijanona eo anivon'ny tobim-pahasalamana ny "tablette" raha misy fifindran-toeran'ny tompon'andraikitra (affectation).
- Mitahiry ny rejisitry ny fahaterahana (rejisitra tahiry ao amin'ny tombim-pahasalamana).
- Mametraka fandaminana vaovao mba hahafahana mandavorary ny fandraisana olona sy manaraka ireo fepetra isa-tsokajiny takian'ny fanavaozana atao.

***Manana andraikitra amin'ny fanentanana ny mpiasan'ny fahasalamana :***

- *Manentana ny vehivavy bevohoka hanomana mialoha ny taratasy rehetra ilaina hahafahana manao ny kopia mandritry ny fisafoana (Ny kopia tsy azo atao mandritra ny fisafoana fa aorian'ny fahaterahana).*
- *Manentana ny mponina hanao fanambaram-pahaterahana eny anivon'ny kaominina misahana ilay tobim-pahasalamana.*

### II.4.2. Ny mpiandraikitra ny fiankohonana

Mialohan'ny hijerena ny andraikitry ny ben'ny tanàana na ny lefiny amin'ny maha mpiandraikitra ny fiankohonana azy dia tsara raha ampahatsiahivina etoana ny tandrifin-draharahany amin'ny maha mpitantana ny Kaominina azy ireo

**a. Ben'ny tanàna : tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampandehanana ny sampandraharahan'ny fiankohonana**

Ny ben'ny tanàna, amin'ny maha lehiben'ny mpanatanteraka azy, eo amin'ny kaominina iadidiny, dia manana andraikitra amin'ny fampandehanana ny sampandraharahan'ny fiankohonana, ao anatin'izany ny :

- **famatsiana ireo rejisitra ilaina** izay zakain'ny teti-bolan'ny Kaominina : Ampidirina ao amin'ny tetibolan'ny Kaominina ho an'ny taona voakasika ny hoentimanana ny fividianana ny boky na rejisitry ny sora-piankohonana araka ny isa mifanaraka amin'izany ny vinavinam-pandaniana mifanaraka amin'ny trangam- piankohonana. (Kaonty 6112).
- **fandaminana ny fandefasana izany eny amin'ny fitsarana** ambaratonga voalohany : Vitaina mandritra ny taona diavina ihany koa ny dingana tokony harahina hampanan-kery ny boky, izany hoe ny fandefasana izany eny amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany mba hanamarinana isa ireo takelaka (cotation et paraphe), mikasika ireo boky hampiasaina ny taona manaraka.
- **ny fandraisana antanana ny karaman'ireo mpitan-tsoratra** : Tsiahivina fa ny famatsiana (subvention) natokana ho an'ny mpitantsoratry ny fiankohonana (Kaonty 7513) dia fanampiana omen'ny Fitondrana foibe fotsiny ihany. Adidin'ny Kaominina ny mandray an-tanana ny karaman'ny mpitantsoratry ny fiankohonana mba hifanaraka amin'ny tokony ho izy. Tsiahivina ihany koa fa fandaniana tsy maintsy atao (dépense obligatoire) ary tsy maintsy voasoratra ao anaty teti-bola ny karaman'ny mpiasan'ny kaominina toan'ny mpitan-tsoratra.
- ny fikajiana ireo fitaovana mahakasika ny fiankohonana : mampiditra ny "tablette" ao anatin'ny "compte matière" ny tompon'andraikitra voakasik'izany raha vao voaray ny fitaovana, mameno ny takelaka fanambaram-pitantanana na "fiche de détenteur effectif" Manao famindram-pitantanana (passation) ara-dalàna isaky ny miova ny olona mampiasa ilay "tablette", mitahiry sy mikajy ny "tablette", izay fananam-panjakana. Mijanona eo anivon'ny centre d'état civl ny "tablette" raha misy fifindran-toerana/ famindram-pahefana (affectation; passation), mametraka fandaminana vaovao hahafahana mandrindra ny fampiasana taratasy sy teknolojia ary ny fanajàna ireo mpila raharaha izay tsy azo sarahina.
- Fifandraisana tsy tapaka amin'ny tobim-pahasalamana sy ny tendro fifandraisana.
- Fametrahana lamina hampiarana ny didy aman-dalàna sy ireo fitaovana vaovao.
- Fanaraha-maso anatiny
- Fampidirana miandalana ao anaty tetibolan'ny Kaominina , ny fandaniana takian'ny fanavaozana

Ny ben'ny tanàna sy ireo lefiny no mpiandraikitra ny fiankohonana eto Madagasikara. (And.-16 lalàna 2018-027)
Ireo no hany tokana afaka mandray sy mitahiry ny sora-piankohonana ary manamarina azy.

**b. Mpitan-tsoratry ny fiankohonana :**

Ny mpitan-tsoratry ny fiankohonana dia :

- Mandray ny fanambarana miaraka amin'ny taratasy ilaina
- Manamarina ny mombamomba ilay fanambarana ao anaty taratasy ilaina sy an-jotra
- Mirakitra an-tsoratra ny tranga anaovana fanambarana eo no ho eo
- Mampita any amin'ny fitsarana mahefa ny faharoan'ny boky
- Mirakitra ao anaty rejisitra sy mitantana ary mitahiry ny rejisitra

i. **Firaiketana ao anaty rejisitra sy fitantanana ary fitahirizana ny rejisitra**

***NY VOTOATIN'NY REJISITRA SY NY SORA-PIANKOHONANA :***

- *Ny sora-pahaterahana dia soratana eo noho eo ary soniavin'ny mpanao fanambarana sy ny Mpiandraikitra ny fiankohonana.*
- *Ny soratra dia adika ao amin' ny boky firaiketana, atao mitohy ary tsy asiana banga manelanelana azy ireo.*
- *Ankatoavina sy ataon'ireo mpanao sonia rehetra rangopohy (paraphe) ny kosoka (rature) sy ny fampizahana (renvoi).*
- *Tsy misy soratra azo atao amin'ny alalan'ny fanafohezan-teny (abréviation), ary tsy misy vaninandro azo atao tarehimarika.*
- *Ny fanambarana dia soratana tsy misy faritra banga ao amin' ny votoatin'ny soratra (corps de l'acte). Noho izany, ny andalana maro samihafa ao anatin' ny soratra dia avondrona amin' ny alalan'ny tsipi-panohizana.*
- *Ny boky firaiketana na rejisitra dia misokatra ny 1 janoary ary akatona ny faha-31 desambra isan-taona. Atao mifanaraka amin'ny endri-pakan-tahaka (modèle) voalazan'ny didim-pitondrana (arrêté) raisin'ny Ministry ny Fitsarana izany.*
- *Atao soratra antsisiny (en marge) ireo tranga voalazan'ny lalàna miaraka amin' ny filazana ny laharana sy ny vaninandro nandrafetana ny sora-piankohonana, ny karazany ary ny anaran'ireo voakasika.*
- *Ny boky firaiketana tsirairay dia voaisa (côté) sy vita rangopohin'ny (paraphé) lehiben'ny mpiraki-draharaha na mpiraki-draharaha izay nomeny fahefana.*

***Fanamarihana momba ny taratasy ilaina :***

- *Ny fanomezan-dalana (procuration) sy ireo taratasy hafa rehetra naseho mba handrafetana ny sora-piankohonana dia tehirizina ao amin'ny foibe misahana ny fiankohonana (Kaominina) rehefa vitan'ny olona nanome izany sy ny mpiandraikitry ny fiankohonana rangopohy.*

**NY FITANTANANA NY REJISITRA :**

- *Ny boky firaiketana dia misokatra ny 01 janoary ary faranana ny faha 31 desambra amin'ny taona diavina.*
- *Ny bokim-piankohonana na rejisitra dia tanana sy tehirizina eny anivon'ny foibe misahana ny fiankohonana voakasik'izany.*
- *Boky firaiketana roa (02) mitovy no ampiasaina ho an'ireto trangam-piankohonana manaraka ireto:*
  - *ho an'ny fahaterahana sy ny fanjanahana;*
  - *ho an'ny fahafatesana;*
  - *ho an'ny fanambadiana;*
  - *ho an'ny fananganana tsotra sy ny fanariana;*
  - *ho an'ny fandikàna ireo didy raikitra navoakan' ny fitsarana.*
- *Tsy maintsy mitovy hatrany ny votoatiny sy ny isan'ny soram-piankohonana voarakitra anatin'ireo boky roa ireo.*

*Na izany aza anefa dia azon'ny Filohan'ny Fitsarana atao ny manome alàlana, amin'ny alalan'ny didimpitsarana, ny foibe misahana ny fiankohonana sasantsasany hitazona boky firaiketana roa mitovy izay iombonan'ny soratra rehetra. Jereo ny and.-8, lalàna 2018-027.*

**NY FAMARANANA NY REJISITRA ISAN-TAONA SY NY FIRAIKETANA ISAKY NY DIMY TAONA**

***Famaranana isan-taona***

- *Aorian'ny sora-piankohonana noraisina farany amin'ny taona diavina no ametrahana ny fehezanteny anamarinana ny famaranana ny boky, anaovana sonia sy ametrahana ny fitombokin'ny Kaominina. Ny* ***31 desambra*** *no anatontosana io famaranana io.*
- *Tsy azo atao intsony ny mampiditra soram-piankohonana ao anatin'ny bokim-piankohonana ao aorian'ny famaranana ny boky.*
- *Aorian'ny firaiketana an-tsoratra ilazana ny famaranana ny boky, dia soratan'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana ny filazalazana milahatra araka ny abidy (table alphabétique) an'ireo sora-piankohonana izay voarakitra ao amin'ny rejisitra araka ny lasitra voafaritra mialoha avoakan'ny Minisiteran'ny Fitsarana no ampiasaina eto.*
- *Ao anatin'ny telo (03) volana manomboka amin'ny fanakatonana ny boky firaiketana dia tsy maintsy aterina eny amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany ny rejisitry (faharoa) momba ny fiankohonana.*

Jereo ny andininy faha-11 @ lalàna 2018-027 ho fampahatsiahivana

**II.4.3. Ny Ivon-toeram-pirenena misahana ny fiankohonana sy ny fanondroana ny mahaolona (CNECI)**

Rafitra apetrakin'ny lalàna 2018-027 ity Ivotoerana ity (and.7).

Miantoka ny fitahirizana, ny fikirakirana sy ny fitandroana ny boky firaiketana ara-kaji-mirindra momba ny fiankohonana sy ny mombamomba ny olona manerana ny firenena.

Noho izany izy dia :

- manangona ireo tahirin-kevitra avy amin'ireo foibe misahana ny fiankohonana sy ireo sampan-draharaha misahana ny fitantanana ny mombamomba ny olona;
- mitantana ny Laharam-panondroana Tokana omena ny isam-batan'olona ;
- mitantana sy miaro ny boky firaiketana nasionaly momba ny fiankohonana sy ny mombamomba ny olona ;
- mitantana ny fahazahoan-dalana sy ny fahafahana mikirakira ny tahirin-kevitra momba ny fiankohonana sy ny mombamomba ny olona.

# III. Ny sora-pahaterahana

## III. 1. Ny filazana atao amin'ny sora-pahaterahana

Ireto avy ireo filazana tsy maintsy hita ao anaty sora-pahaterahana :

- ny andro, ny ora sy ny toerana nahaterahana;
- ny fananahan'ny zaza;
- ny anarana sy ny fanampin'anarana nomena azy;
- ny anarana, fanampin'anarana, vaninandro sy toerana nahaterahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny ray sy reny;
- raha toa ka misy izany, ny anarana, fanampin' anarana, daty sy toerana nahaterahana, asa sy fonenan'ny mpanao fanambarana;
- ny laharam-pamantaran'ireo olona izay voalaza anarana ao;
- ny laharam-panondroana tokana (NUI)

## III. 2. Ireo antotan-taratasy rehetra ilaina amin'ny fanambarana

| Tranga | Taratasy ilaina | Fanamarihana |
|---|---|---|
| Mpivady ara-panjakana ny ray aman-drenin'ilay zaza | • Bokim-pianakaviana na sora-panambadiana<br>• Taratasy fanambaram-pahaterahana<br>• Karapanondrom-pirenenan'ny ray sy ny reny | Ny karapanondrom-pirenenan'ny reny ihany dia ampy raha toa ka tsy ananana ny an'ny rainy. |

| Tranga | Taratasy ilaina | Fanamarihana |
|---|---|---|
| Tsy mpivady ara-panjakana ny ray sy ny renin'ilay zaza | **Tsy misy fanjanahan'ny ray**<br>• Taratasy fanambaram-pahaterahana<br>• Karapanondrom-pirenenan'ny reny<br><br>**Misy fanjanahan'ny ray**<br>• Taratasy fanambaram-pahaterahana<br>• Karapanondrom-pirenenan'ny reny<br>• Karapanondrom-pirenenan'ny ray (raha izy no manao fanambarana)<br>• Karapanondrom-pirenenan'ny mpanao fanambarana (raha olona hafa no manao fanambarana)<br>• Taratasy fanjanahana soniavin'ny ray sy ny mpiandraikitry ny fiankohonana | Raha tsy ny rainy na izay olona nomen'ny rainy alàlana manokana hisolo tena azy (fondé de pouvoir par procuration spéciale authentique ou authentifiée) no manao ny fanambarana dia tsy tokony ho voasoratra ao anatin'ny sora-pahaterahan'ilay zaza ny anarany.<br><br>Taratasy fanjanahana raha toa ka ny rainy no tonga manao fanambarana. |
| Tsy ampy taona ny ray aman-drenin'ilay zaza | • Taratasy fanambaram-pahaterahana<br>• Kopian'ny sora-pahaterahan'ny reny<br>• Kopian'ny sora-pahaterahan'ny ray (raha izy no manao fanambarana) | Raisina antsoratra araka izay fanambarana ihany ny mombamomba ilay zaza mba ahazoany sora-pahaterahana.<br><br>Manao fanambarana tsy misy fitaka ny reniny sy ny mpanao fanambarana izay soniavin'ny kaominina. |
| Tsy manana taratasy ireo ray amandreny | • Taratasy fanambaram-pahaterahana<br>• Karapanondrom-pirenenan'ny mpanao fanambarana | Raisina antsoratra araka izay fanambarana ihany ny mombamomba ilay zaza mba ahazoany sora-pahaterahana.<br><br>Manao fanambarana tsy misy fitaka ny reniny sy ny mpanao fanambarana izay soniavin'ny kaominina. |

## III. 3. Ireo tranga manokana

### III.3.1 Ny amin'ireo zaza hita

Ny olona rehetra izay mahita zaza vao teraka dia tsy maintsy manao ny fanambarana izany any amin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ny toerana nahitana azy ao anatin'ny 30 andro.

Ateriny any aminy ny akanjo sy izay fitaovana hafa hitany niaraka tamin' ilay zaza ary ambarany ny zava-nisy momba ny fotoana sy ny toerana nahitana azy.

Atao ny fitanana an-tsoratra amin' ny antsipiriany izay milaza ny tomban-taonan' ilay zaza, ny fananahany, ny anarana omena azy, ny manam-pahefana sivily nanaterana azy. Io fitanana an-tsoratra io dia soratana amin'ny vaninandro nanaovany azy ao amin' ny boky firaiketana. Ankoatr' izany ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia manao ny sora-pahaterahan' ilay zaza.

#### III.3.2 Ny amin'ireo zaza kambana

Raha zaza kambana no soratana, dia samy anaovana sora-pahaterahana manokana izy ireo, ka tondroina mazava ny ora nahaterahan'ny zaza tsirairay.

#### III.3.3 Ny amin'ireo zaza maty ambohoka

Ny zaza teraka nefa maty teo am-piterahana dia anaovana fanambarana eo anatrehan' ny mpiandraikitra ny fiankohonana ary anaovana sora-pahafatesana. (And.-55, lalàna 2018-027)

Isan'ny tanjona amin'izany ny mba hahafahana manao firaiketana am-boky sy ny hananana antotan'isa mazava.

### III. 4. Ny fanaporofoana ny sora-pahaterahana :

Ireto avy no afaka hanaporofoina ny fisian'ny sora-pahaterahana iray : Ny sora-piankohonana, ny dika mitovy manontolo, ny didim-pitsarana, ny tahadikan'ny sora-piankohonana.

- **Ny Sora-piankohonana sy dika mitovy manontolo : (acte d'état civil / copie d'acte d'état civil)**

  Ny sora-piankohonana (acte d'état civil) sy ny dika mitovy manontolo (copie intégrale) aminy dia manan-kery mandra-panaporofoana hosoka izay natao sy nohamarinin'ny Mpiandraikitra ny sora-piankohonana ary mandra-pisian'ny porofo manohitra hoan'ny fahamarinan'ny fanambarana noraisiny (font foi jusqu'à inscription de faux).

- **Ireo didim-pitsarana**

  Ny didin'ny Filohan'ny Fitsarana (ordonnance), ny didin'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany (jugement) sy ny didin'ny Fitsarana Ambony (arrêt) momba ny fiankohonana dia manan-kery amin'ny rehetra (opposable à tous) araka ny fepetra mifehy ny soratra izay nahitsiny na nofenoiny.

- **Ny tahadikan'ny sora-piankohonana**

  Ny tahadikan'ny sora-piankohonana (extrait d'acte d'état civil) dia tahirin- kevitra mamerina fotsiny ireo filazana sasantsasany manan-danja ao amin' ny soratra. Ny herim-panaporofon' izy ireo dia voafetran' ireo filazana hita ao anatiny ihany.

- **Ny bokim-pianakaviana (livret de famille)**

  Ny bokim-pianakaviana, tsy ahitana soritra voatsiny (trace d'altération) ary tena voaisa ravina sy voarango-pohin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana, dia ekena ho marina ny fitovizany amin' ny bokim-piankohonana mandra-panaporofoana hosoka, ary izany dia miankina tanteraka amin' izay voasoratra antsisiny.

- **Ny soratra fanamarinana ny fantatry ny rehetra (acte de notoriété)**

Noho ny antony miavaka (exceptionnellement), ho an' ny fanambadiana, dia azo atao ny manolo ny sora-pahaterahana amin' ny soratra fanamarinana ny fantatry ny rehetra ataon' ny Mpiandraikitra ny fiankohonana ao amin' ny toerana nahaterahana na ao amin' ny fonenana mahazatra ary dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavan' ny Fitsarana eo amin' ny toerana nandraisana azy izany.

Marihina fa ny soratra fanamarinana ny fantatry ny rehetra ampiasaina eto dia soratra efa nisy teo aloha fa tsy vao ho rafetina akory.

# IV. Ny sora-panjanahana

## IV. 1. Firaiketana ny fanjanahana

Ny fanjanahana dia **fanambarana ataon'ny lehilahy iray** araka ny **fombafomba voalazan'ny** lalàna, an-tsitrapo, **maneho ny fianahana amin'io lehilehy io sy ny zaza iray** teraka ivelan'ny fanambadiana ara-dalàna (enfant naturel).

### IV.1.1 Ireo olona mandray anjara amin'ny fanaovana ny sora-panjanahana

- Mpanao fanambarana fanjanahana :
  - Ilay milaza fa rain'ny zaza na izay olona nomeny fanomezam-pahefana manokana toa na notoavina (procuration spéciale par acte authentique ou authentifié) izay manondro mazava ihany koa ilay zaza tiany hozanahana
  - Mandritra ny fehim-potoana tsy mahafeno taona ny zaza, raha toa ka maty ilay milaza ho ray na koa tsy afaka maneho ny sitrapony dia ny raiamandreniny izay manana fahefana aminy (ilay ray) no afaka manao ny fanambarana. Izany anefa dia mila fankatoavana mialoha avy amin'ny fianakaviana mpiraitampo nofaritan'ny fomban-drazana izay miisa 04.

- Mpiandraikitra ny sora-piankohonana :
  - Manoloana ny Mpiandraikitry ny sora-piankohonana no anaovana ny fanjanahana.

***Fanamarihana :***

*Ny fanjanahana dia azo atao ihany koa manoloana ny Mpiraki-tenim-panjakana amin'ny alalan'ny sora-toa na sora-toavina, na amin'ny alalan'ny didy miafina.*

### IV.1.2 Fe-potoana anaovana izany

Ny fanambarana fanjanahana dia azo atao amin'ny fotoana hanaovana ilay fanambaram-piterahana na aty aoriana. Tsy misy fehim-potoana voafaritry ny lalàna mikasika ny zo na fahafahana manao fanjanahan-jaza.

Tsy maintsy ampahafantarina ny mpiandraikitra ny fiankohonana mitazona ny sora-pahaterahan'ilay zaza kosa anefa ny fanambarana fanjanahan-jaza. Ao anatin'ny 30 andro no tsy maintsy anaovana izany.

Misy fepetra manokana voafaritry ny lalàna mikasika ny fanjanahana atao amin'ny didy miafina.
Jereo ny and.-71 hatramin'ny 73, lalàna 2018-027.

#### IV.1.3 Ireo taratasy ilaina amin'ny fanambarana

- Karapanondrom-pirenen'ny ray na
- Taratasy fanjanahana soniavin'ny ray sy ny mpiandraikitry ny fiankohonana

## IV.2. Ireo fepetra fanoratana ny fanjanahana

#### IV.2.1 Ny firaiketana ataon'ny mpiandraikitra sora-piankohonana

- Firaiketana ao anaty rejisitra :

  Raha **amin'ny fotoana anaovana ny fanambarana fahaterahana** no anaovana ihany koa ny fanjanahana dia atao anatin'ny sora-piankohonana iray "fahaterahana sy fanjanahana", izany hoe ampidirina avy hatrany ao amin'ny sora-pahaterahan'ilay zaza ny filazana fanjanahana atao azy.

Raha toa ka aty **aorian'ny fanambaram-pahaterahana** vao atao izany dia ny Mpiandraikitry ny fiankohonana eo amin'ny fonenanan'ilay olona manao ny fanjanahana no manana fahefana hanao ny firaketana. Soratra antsisiny amin'ny rejisitra misy ny sora-pahaterahan'ilay zaza no atao araka izany.

***Fanamarihana :***

*Manana zo hanao fanjanahana zaza mbola ao am-bohoka ny rain'ilay zaza, eny fa na dia vao mitsaika fotsiny aza.*

## IV.3. Ny vokatry ny fanjanahana

- Mametraka ny fianahana eo amin'ilay lehilahy manao ny fanjanahana sy ilay zaza
- Miteraka zo sy adidy ho an'ny ray izay manjanaka

***Fanamarihana :***

- *Ilaina fahamailoana tanteraka ny fandraisana fanambarana fanjanahana zaza iray noho izy miteraka zo avy hatrany, araka io voalaza etsy ambony io.*

## IV.4. Tranga manokana

#### V.3.1 Fanjanahana ataon'ny lehilahy efa manam-bady

Tsy azon'ny lehilahy manambady (voasoratra ara-dalàna) atao ny manjanaka zaza izay azony tamin'ny vehivavy hafa nandritra ny fanambadiany. Fa miteraka adidy ara-tsakafo ho azy kosa.

Raha toa anefa ka mandray anjara mivantana amin'ilay sora-panjanahana ny vadin'ilay lehilahy na mankatoa izany an-tsoratra mazava tsara, dia raisina ho toy ny zaza ara-dalàna ilay zaza, ary azo raketina arak'izany ny sora-panjanahan'ilay zaza.

***Fanamarihana :***

- *Tsy mandray fanjanahana velively ny mpiasan'ny tobim-pahasalamana. Raha mbola tsy vita ihany koa ny fanjanahana dia tsy azony atao ny mametraka anaran'ny ray ao amin'ny taratasy fanambara-piterahana.*
- *Manana zo hanao fanjanahana zaza mbola ao amb-bohoka ny rain'ilay zaza, eny fa na dia vao mitsaika fotsiny aza.*

***Tsiahy :***

- *Ny lalàna mikasika ny fanambadiana dia mandrara ny fanambadian'ny lehilahy sy vehivavy iray manana rohim-pihavanana (faritan'ny lalàna mazava tsara) na koa misy fifandraisana ara-pianahana miharihary. (And.-30, lalàna 63-022).*
- *Noho izany, ny zaza fantatra fa zanaky ny lehilahy sy vehivavy ka voararan'ny lalàna ny fanambadiany, noho ireo antony ireo, dia tsy azo anaovana fanjanahana velively.*

## IV. Ny soratra an-tsisiny

Tsy maintsy anaovana filazana antsisin'ny sora-pahaterahana avy hatrany ny :

- Sora-panjanahana
- Sora-pananganana tsotra
- Sora-panariana
- Sora-panambadiana
- Sora-pahafatesana
- Didin' ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany na Fitsarana Ambony momba ny fïsaraham-panambadiana (divorce), ny fanafoanana ny fanambadiana (annulation). ny fitsipahana ny maha-ray (désaveu de paternité), ny fanovana anarana, ny didin' ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany na Fitsaràna Ambony mametraka ny fianahana avy amin' ny ray (filiation paternelle) na avy amin' ny fananganana (filiation adoptive)
- Ny fanovana anarana (jereo ny lalàna 62-003 voalaza any aloha)

***Fanamarihana momba ny fanoratana ny soratra an-tsisiny :***

- *Ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia mametraka ireo filazana ireo ao amin' ny boky firaiketan'ny taona diavina sy ao amin'ireo singany an'ny taona efa lasa voatahiry ao amin' ny foiben-toerana momba ny fiankohonana.*
- *Ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana dia mametraka ireo filazana ireo amin'ny boky firaiketana an'ny taona efa lasa, voatahiry ao amin'ny firaketan-draharahan'ny fitsarana momba ny ady madio.*
- *Ny filazana an-tsisiny dia tsy maintsy fintinina, nefa tsy maintsy manondro ny vaninandro nanaovâna ny soratra izay anaovana filazana sy ny laharan' io soratra io ary koa ny vaninandro nametrahana ny filazana antsisiny.*
- *Ankoatr'izany, eo antsisin'ny soratra nasiam-panitsiana no anaovana ny filazana ny didim-pitsarana manitsy mifandray aminy.*
- *Ny didim-pitsarana misolo sora-piankohonana dia anaovana filazana an-tsisiny ihany koa ao amin'ny boky firaiketana voakasik'io karazana didim-pitsarana io. Amin'ny vaninandro nisehoan'ny tranga no anaovana izany.*

***FEPETRA ANKAPOBENY MIKASIKA NY SORATRA AN-TSISINY***

- *Ny Andininy faha-76 amin'nylalàna lalàna 2018-027 dia mitanisa ireo trangampiankohonana na tranga mahakasika ny fiankohonana izay tsy maintsy anaovana soratra an-tsisiny.*
- *Tsy azo afangaro na oviana na oviana ny soratra an-tsisiny (ireo voatanisa eo ambony ireo) sy ny fanitsiana ny diso amin'y soratra natao mikasika ny fiankohonana.*
- *Ny lalàna no mamaritra ny fepetra arahina raha ilaina ny manitsy ny fahadisoana tamin'ny firaiketana sora-piankohonana iray (And-faha 84 ka hatramin'ny faha-95).*
- *Tsy fanarahan-dalàna ny fanaovana fanitsiana avy hatrany ny voarakitra ao amin'ny sora-piankohonana iray ka ampidirana izany fanitsiana izany ho toy ny soratra an-tsisiny ao amin'ny sora-pahaterahana.*

*Raha toa ka fahadisoana ara-materialy hita miharihary no mitranga dia ny didin'ny filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany mahefa ihany dia ahafahana mitondra ny fanitsiana. Raha efa izany, ka eo ampelatanana io didy io vao azo irosoana ny fampidirana ny soratra an-tsisiny manitsy izay voarakitra.*

# Fizarana faharoa

## FANARAHAMASO SY FANDRINDRANA NY FITANTANANA NY FIANKOHONANA



## I. Fanarahamaso ataon'ny tompon'andraikitra ara-panjakana

Tandrifin'andraikitra omen'ny lalàna ny tompon'andraikitra ara-panjakana eny anivon'ny lafitany ny fanamarinana sy fanara-hamaso ny fitantanan-draharaha sy ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny sampan-draharahan'ny fiankohonana tsirairay ao anatin'ny fari-piadidiany.

Jereo And.-6, lalàna 2018-027

Ny Solotenam-panjakana mahefa, izany hoe ny Lehibe'ny Distrika na ny Prefe no tompon'andraikitra voatondro eto.

Afaka manome fanomezam-pahefana an'ireo mpiara-miasa ao aminy (Sekeretera Jeneralin'ny Prefektiora, Lefitry ny lehiben'ny Distrika, Lehiben'ny Boriboritany) ihany koa anefa ny Solotenam-panjakana.

### I.1. Ny votoatin'ny fanarahamaso ataon'ny solotenam-panjakana na ireo nahazo iraka manokana avy aminy

- Fanarahamaso ny fanapahana raisin'ny Kaominina mikasika ny fitantanana ny fiankohonana

  **Ohatra vitsivitsy** : Fisian'ny sora-bola natokana hividianana rejisitra ao anatin'ny tetibolan'ny Kaominina, fametrahana sarany na tatao amin'ny famoahana sorapahaterahana voalohany, fanafoanana ny sora-bola fandoavana ny latsakembokin'ny (CNaPS ohatra raha tsy mpiasam-panjakana ilay olona) mpiasa miandraikitra ny fiankohonana.

***Fanamarihana :***

*Fandaniana tsy maintsy atao (dépense obligatoire) ny karaman'ireo mpiasan'ny Kaominina toa ireo mpitan-tsoratra ny finakohonana. Andraikitry ny solotenampanjakana ny manamarina ny fanoratana izany ao anaty teti-bola mandritra ny fanaraha-mahaso arabola (contrôle budgétaire). Raha toa ka tsy voasoratra anaty teti-bola izany dia andraikiny ny mampiakatra ny teti-bola anivon'ny Fitsarana ara-bola mahefa. Mampatsiahy ny tokony hanoratana ny karama anaty teti-bola ity faran ka raha minia manoratra ny Kaominina dia asaina manoratra izany avy hatrany ny solotenam-panjakana. Tsy maintsy tanterahina ihany koa ny sora-bolan'ny karaman'ny mpitan-tsoratra (mandatement). Raha tsy manao izany ny Kaominina dia tanterahin'ny solotenam-panjakana avy hatrany ny sora-bola araky ny lalàna manan-kery (jereo ny lalàna 2001-025 sy ny Torolàlana momba ny paikady ara-tetibolan'ireo Kaominina Ambanivohitra Sokajy Faharoa).*

- Fanarahamaso ny fampandehanan-draharaha amin'ny ankapobeny

  **Ohatra vitsivitsy :** fisian'ny rejisitra azo ampiasaina eo anivon'ny sampandraharaha, fisokafan'ny birao amin'ny ora fiasana, fisian'ny mpiasa miandraikitra ny fiankohonana indrindra ny mpitantsoratra.

- Fahavitan'ny famaranana ny rejisitra isan-taona sy ny tabilao lehibe isaky ny dimy taona

## II. Fandrindrana ataon'ny tompon'andraikitra ara-panjakana

Ny And.-132 amin'ny lalàna laharana-faha 2018-027 dia mametraka rafitra iray natao handrindra ny asa sy ny fiaraha-miasan'ireo minisitera voakasikin'ny fitantanana ny fiankohonana aty amin'ny Fitondrana foibe.

Apetraka ny rafitra eny anivon'ny lafitany mba hahafahana mandrindra ihany koa ny asa sy ny fiaraha-miasan'nireo mpisehatra rehetra. Ny Lehiben'ny filehovana, Prefen'ny polisy na ny Lehiben'ny Distrika no misahana io asa fandrindrana io.

### II.1. Firafitry ny sampana mpandrindra ny asa fitantanana sy ny fanavaozana ny fiankohonana

- **Eo anivon'ny Distrika**: ny Solotenam-panajakana (Prefe, Prefen'ny ploisy, Lehiben'ny Distrika), ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany (indrindra ny Fampanoavana, ny sampandraharahan'ny fahasalamana, ny rantsamaingaikan'ny ivotoeram-pirenena misahana ny Antotanisa (raha misy).

> ***Fanamarihana :***
>
> *Raha toa tsy misy Fitsarana Ambaratonga Voalohany eo anivon'ny Distrika voakasika, dia izay mpitsara voatodro avy amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany misahana ilay Distrika no raisina ho mpikambana ao amin'ny rafitra mpandrindra.*

- **Eny anivon'ny Kaominina:** Ny ben'ny tanàna sy lefiny mpiandraikitra ny fiankohonana, ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny fiankohonana ao amin'ny Kaominina (raha misy), ny mpitantsoratry ny fiankohonana, ny lehiben'ny tobim-pahasalamana (arakarakin'ny antanatohatra misy eny antoerana), ny Lehiben'ny filan-kevitra kaominaly na monisipaly, ny mpikirakira ny kajimirindra (raha misy).
- **Eny anivon'ny Fokontany :** koa satria ny Fokontany izay efa voafaritry ny didy amam-pitsipika dia manana fahefana handray fanambaram-pahaterahana dia apetraka ihany koa ny rafitra hahafahana mandrindra izany asa eny ifotony.

  Mpikambana: Ny Lehiben'ny Fokontany sy ireo Lefiny, ny mpikambana ao amin'ny Komity Loharano (iray isaky ny vohitra, na tsinjaraina arakarakin'ny isan'ny vohitra lehibe na tanàna ao anatin'ny Fokontany), ny mpanentana ara-pahasalamana, ny solotenan'ny fikambanan'ireo reninjaza (raha misy) solotenan'ny reninjaza.

> ***Fanamarihana :***
>
> *Afaka miantso tompon'andrikitra hafa, manana fahaizana na traikefa manokana, ny sampana mpandrindra mba hanampy azy raha ilaina izany.*

### II.2. Andraikitry ny rafitra mpandrindra

Ny rafitra eo anivon'ny Distrika no :

- Tendro ifandraisana amin'ny Foibe. Ny Solotenam-panjakana no misahana izany.
- Tendro ifandraisan'ireo mpisehatra avy any amin'ny Kaominina
- Mandrindra ankapobeny ny asa eo anivon'ny Distrika sy ao anatin'ny Distrika iadidiany.
- Manao tatitra miakatra amin'ireo ambaratonga voakasika ary mampita ny hafatra, toromarika amin'ireo mpisehatra (eo an-toerana na midina any amin'ny Kaominina).
- Mandrindra, manohana sy manaitra ary manetsiketsika ny maha zava-dehibe ny fanambaràna ny trangam-piankohonana indrindra ny fanambaram-piterahana
- Fanohanana sy fanaraha-maso (fitaovana vita pirinty (imprimés)sy ny rejisitra tetibola, ny fitantanana, ny fametrahana ny fanavaozana, ny fandefasana antota-kevitra mankany amin'ny ambaratonga afovoany.

## III. Fanarahamaso ataon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany mahefa (Fampanoavana)

- Ny bokim-piankohonana dia tsy azo ampahafantarina ny be sy ny maro. Na izany aza, ny mpitsara mpampanoa lalàna sy ny filohan'ny Fitsarana dia afaka manao fangatahana hahazo izany.
- Ny mpitsara mpampanoa lalàna eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany na ny mpitsara omeny fahefana ihany no misahana manokana ny fanaraha-maso ny sampan-draharaha momba ny fiankohonana ao amin'ny fari-piadidian'ny Fitsarana iasany.

***Fanamarihana :***
*Mba hisorohana ny fifanitsahan'andraikitra ary koa mba hahafahana mampirindra ny fiarahamiasa dia tsara raha misy fandaminana ataon'ny Solotenam-panjakana sy ny eo anivon'ny Fitsarana mahefa (Fampanoavana) mikasika ny asa fanarahamaso isatsokajiny.*

- Tsy maintsy manamarina ny fitanana sy ny fitahirizana ny boky firaiketana izy. Mitana an-tsoratra isan-taona ny ambangovangony momba ny fanamarinana nataony ary koa ny fitanana an-tsoratra ny heloka madinika sy heloka tsotra nataon'ireo mpiandraikitra ny fiankohonana izy. Izy ihany koa no manao ny fanenjehana ho fanasaziana. Manana zo hifandray mivantana amin'ny mpiandraikitra ny fiankohonana izy.
- Ny mpiandraikitra ny fiankohonana dia manao ny asan'izy ireo eo ambany fanarahamason'ireo manam-pahefana ara-pitsarana. Raha toa ka misy fahasarotana mitranga, dia azon'izy ireo atao ny mangataka hevitra sy torolàlana amin'ny Fampanoavana eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany mahefa ao amin'ny faritra misy azy.

- Ankoatra ny sazy ara-pitsipika izay mety hanenjehana azy ireo, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia tompon'andraikitra ara-onitra sy ara-keloka amin'ny hadisoana sy ny tandrevaka izay nataony mandritra ny fanantanterahany ny asany.
- Ny fizahana ny boky firaiketana dia ilàna ny fahazoan-dalana an-tsoratra avy amin'ny Tonia Mpampanoa Lalàna mahefa ara-paritra, tsy voakasik'izany ny olona sy ny antokondraharaha miandraikitra ny fitantanana azy ary koa ny manam-pahefana arapitsarana raha misy ilàna izany noho ny famotorana.

## III. Tantsoroka ataon'ny mpandrindra ny asa fitantanana sy ny fanavaozana ny fiankohonana

Ankoatra ny tandrifin'andraikitra omen'ny lalàna an'ireo Solotenam-panjakana sy ny Fampanoavana dia misy andraikitra lehibe ihany koa apetraka amin'izy ireo sy ireo mpikambana rehetra ao anatin'ny rafitra mpandrindra eny anivon'ny Distrika.

- Tantsoroka ara-teknika maharitra ho fanatevenana ny fahaizamanao

  Ireo mpiandraikitra ny fiankohonana sy mpitantsoratry ny fiankohonana no kendrena hantefan'izany tantsoroka maharitra izany.
  Tsara raha mandray andraikitra avy hatrany, na tsy misy aza fangatahana avy amin'ireo voakasika.

- Fanohanana ny kaominina amin'ny fitantanana ny rejisitra

  Tantsoroka amin'ny fametrahana ny fanavaozana sy ny fitantanana ny fiovana miandalana mahakasika ireo fepetra tetezamita isan-karazany.

# Fizarana fahatelo

## TANDROHASINA, FITSIPI-PITONDRANTENA ARY FEPETRA FAMAIZANA



Ny fampiharana ny fanavaozana ny fitantanana ny fiankohonana dia miankina amin'ny fanarahana ny fenitra sy ny lalàna mahakasika izany. Arofanina telo no manosika ny mpiantsehatra tsirairay hanaraka izany : ny tandrohasina, ny fitsipi-pitondrantena ary ny sazy ara-keloka.

### I. Arofanina voalohany : Ny tandrohasina mifehy ny mpisehatra amin'ny fiankohonana

Ny tandrohasina dia fitsipika ara-moraly mibaiko ny fitondran-tenan'ny olona na vondrona iray. Nohon'ny fahasamihafan'ireo soatoavin'ny asa tsirairay dia samy manana ny hasina tandrovana amin'ny asany avokoa ireo mpiantsehatra. Amin'ny maha mpisehatra amin'ny asam-panjakana azy anefa dia ireto avy ny hasina tokony ho tandrovina amin'ny ankapobeany hahafahana manome tamberin'andraikitra ara-kalitao ireo vahoaka misitraka ny fiankohonana :

- **Fahitsiana sy fahamarinana (intégrité et honnêteté)**

  Tsy manao kolikoly, tsy manao hosoka (iniana atao), tsy tia kely na manodokodina (vola na fitaovana) tsy miray tsikombakomba amin'ny mpanao fanambarana tsy marina sns.

- **Fanajana ny didy aman-dalàna**

  Fehezin'ny didy aman-dalàna manankery ny fitantanana ny fiankohonana. Ankoatra ny lalàna manankery eto anivon'ny Firenena dia misy ihany koa ireo fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin'I Madagasikara, singa iray mibaiko ny fanajana ny lalàna.

- **Fanajana ny tsy fitanilana**

  Tsy ijerena tavan'olona ny fitantanana ny fiankohonana. Ny isam-batan'olona dia mitovy zo eo anatrehan'ny lalàna sy ny fisitrahana ny tolotra na asa avy amin'ny Fanjakana.

- **Fihainoana ny feon'ny fieritreretana @ sehatry ny asa (conscience professionnelle)**

- **Fitazonana ny tsiambaran-telon'ny asa (secret professionnel)**

  Ilaina ny miasa ao anatin'ny mangarahara eo amin'ny asa mifanandrify amin'ny fiankohonana.

  Ohatra :

  - fampahafantarana ny saram-pamoahana ireo sora-piankohonana,
  - fametrahana takelaka manondro ny làlana tokony hizoran'ny olom-pirenena manan-draharaha)

Tsy tokony hafangaro velively amin'ny fitandroana ny tsiambaratelon'ny asa anefa izany.

Tsy azo atao ny mamoaka ny mombamomba ny olona iray voarakitra ao anatin'ny sora-piankohonana mikasika azy ho fantatry ny be sy ny maro. Tsy azo avoaka ho fantatry ny be sy ny maro ny rejisitry ny sora-piankohonana.

Jereo ny andininy faha- 13 @ 2018-027.

Amin'ny maha fitsipika ara-moraly azy dia miankina amin'ny feon'ny fiheritreretana ara-kasa ny fitandrovana ny hasina. Rehefa tsy ampy izany dia ny fitsipi-pitondrantena no tokony hibaiko ny mpiantsehatra rehetra amin'ny fanatanterahana ny andraikiny.

## II. Arofanina faharoa : Ireo fitsipi-pitondrantena tokony hohajain'ny mpisehatra amin'ny fiankohonana

Ny fitsipi-pitondratena dia fitambaran'ireo fitsipika tsy maintsy arahin'ny mpiasam-panjakana tsirairay ha miteraka sazy ara-pitsipika ny tsy fanarahana azy.

Jereo ny didim-panjakana laharana faha 2003-1158 noraisina tamin'ny 17 desambra 2003 (code de déontologie de l'Administration et de bonne conduite des agents de de l'Etat).

Ireto avy izany :

- **Fanajana ny mpanandraharaha (respect des usagers)**

  Manaja sy mahalala fomba ary miezaka manome fahafahampo ireo mpisitraka. Ao anatin'ny fanajana ny lalàna hatrany anefa no anaovana izany.

- **Fahaizana mandamina asa**

  Mitaky fandaminana vaovao ny fanavaozana ny fiankohonana.

  Jerena amin'ny antsipiriany ny lafin-javatra rehetra ampihodinana ny raharaha (fandraisana olona, ora sy andro fiasana, fitehirizana singan-taratasy sy ny antotan-kevitra samihafa, fifandraisana amin'ny eny anivon'ny tobi-pahasalamana).

- **Fanaovana tatitra**
  - Tatitra ankamehana noho ny zavatra mitranga
  - Tatitra fanao mahazatra

Hajaina ny lasitra fanaovana tatitra.

Hajaina ihany koa ny rafitra araka ny antanatohatra amin'ny fanaovana tatitra.

- **Fanajana ny mpiaramiasa sy ny mpisehatra hafa**
- **Fisorohana ny filana tombotsoa manokana sy/na mifanipaka amin'ny asa**
- **Fikatsahana ny tsaratsara kokoa hatrany**

Ohatra: tsara ny fifehezana ny lalàna mifehy ny fiankohonana saingy tsaratsara kokoa raha mahafehy ny didy aman-dalàna hafa mifandray amin'ny lalàna mifehy ny fiankohonana toy ny fitsipika mifehy fianahana, ny fandovana izany.

Ireo sazy ara-pitsipika ateraky ny tsy fanajana ny fitsipi-pitondrantena dia :

- Ataon'ny lehibe : Ny fananarana (blâme) sy ny fampitandremana (avertissement) na
- Tononon'ny filankevitry ny fitsipi-pifehezana :
  - Ny fampitsaharana ny fivoarana
  - Ny fampidinana laharana maro samihafa
  - Ny fandefasana misotro ronono avy hatrany
  - Ny fandrohana hisitrahana fisotroandronono na tsia

# III. Arofanina fahatelo : Ireo fepetra famaizana manoloana ireo fandikan-dalàana ataon'ireo miantsehatra

Ankoatra ny sazy ara-pitsipika dia melohin'ireo fepetra famaizana ireo fandikan-dalàna amin'ny fitantanana ny fiankohonanana.

## II.1. Ny sora-piankohonana sandoka na hosoka sy ny fanatsiniaina sora-piankohonana

**Heloka voalazan'ny And.-135, lalàna 2018-027**

Tsy azo atao velively ny:

- fampidirana olona hafa anaty sora-piankohonana (supposition de personnes) ;
- fanampiana (addition) na fanatsinina (altération) na fanaovana soratra sandoka (contrefaçon d'écriture) na amin'ny alalan'ny fanovana ny votoatin'ny fanambarana na ny tranga izay natao ho raketina ao anatin'ilay sora-piankohonana.

**Sazy :** Asa an-terivozona mandritry ny fotoana voafetra

**Heloka voalazan'ny And.-138, lalàna 2018-027**

Ho an'ny :

- manao sandoka sora-piankononana iray,
- na nanatsiny (altérer) na nanao hosoka sora-piankohonana iray izay marina tany am-boalohany.

**Sazy :** 2 ka hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina ny olon-drehetra izay29
manao izany.

**Ny fampiasana sora-piankohonana hosoka**

Ny And 139 - lalàna 2018-027 dia mametraka mazava fa ny finiavana hampiasa sora-piankohonana iray hosoka dia heloka.
Iharan' ny sazy an-tranomaizma 02 ka hatramin'ny 10 taona ny olon-drehetra izay manao izany.

Ny mpiasan'ny fahefam-panjakana rehetra (agent de l'autorité publique), ny mpiseho sehatra (tout comparant), ny mpanao fanambarana na vavolombelona, izay ninia nandray anjara tamin'ny fandrafetana sora-piankohonana hosoka dia iharan'ny sazy voatondron'ny And. 136 lalàna 2018-027.

**Sazy :** 05 hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina

## II.2. Ny amin'ny fanaovana fanambarana tsy marina

**Ny And.-137, lalàna 2018-027** dia mamaritra sazy 2 ka hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina

Ho an'ireo olon-drehetra :

- manao fanambarana tsy marina mikasika ny mombamomba azy na ny an'ny olona hafa,
- manao fanambarana tsy marina mikasika ny na mifandraika amin'ny trangapiankohonana, na manao fanambarana tsy marina manoloana ny mpiandraikitry ny sorapiankohonana mba handrafetana sora-piankohonana,
- manao fanambarana tsy marina manoloana ny fitsarana mba ahazoana didim-pitsarana misolo fahaterahana

**Sazy :** 2 hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina

## II.3. Heloka mikasika ny rejisitra

Ireto avy ireo heloka voatanisan'ny And.-140 amin'ny lalàna 2018-027 :

- fanatsiniana an-tsitrapo ny rejisitry ny fiankohonana,
- fanimbana manontolo na amin' ny ampahany na amin' nv fomba inona na amin'ny fomba inona ny rejisitry ny fiankohonana,
- fakana manontolo na amin'ny ampahany, na amin' ny fomba inona na amin'ny fomba inona ny rejisitry ny fiankohonana,

Ny olon-drehetra nanao izany dia iharan' ny sazy an-tranomaizina 02 ka hatramin'ny 10 taona.

## II.3. Heloka mikasika ny bokim-pianakaviana

Ny bokim-pianakaviana, raha toa ka tsy ahitana soritra hosoka na fanatsiniana dia raisina ho marina ary ekena fa mitovy amin'izay voarakitra ao amin'ny rejisitry ny fiankohonana voakasika ny hita ao anatin'izany boky izany.

Ireto tranga ireto dia heloka eo anatrehan'ny lalàna araka izany:

- fanaovana hosoka bokim-pianakaviana,
- fanaovana sandoka ny soratra voarakitra ao anatin' ny bokim-pianakaviana,
- finiavana mampiasa bokim-pianakaviana misy hosoka na misy tsininy.

Iharan'ny sazy an-tranomaizina 01 ka hatramin' ny 10 taona izay olona manao izany.

Torak'izany ihany koa ny mikasika fanaovana hosoka, sandoka na ny fampiasana ny soratra fanamarinana ny fantatry ny rehetra (acte de notoriété).

Jereo ny And.-141 lalàna 2018-027.

Ankoatr'izay dia heloka ihany koa ny fampiasana sora-piankohonana, bokim-pianakaviana na soratra fanamarinana ny fantatry ny rehetra iray amin' ny alalan' ny anarana noheverina ho izy na amin ny alalan'ny anarana hafa ankoatry ny azy.

Izay olona mampiasa, dia iharan' ny sazy an-tranomaizina 01 ka hatramin' ny 05 taona (jereo And. 142 - lalàna 2018-027.

## VIII. Ny tsy fanajana ny fe-potoana voatondro

Heloka ny tsy fanajana ny fe-potoana fampitana na fanoratana ny soratra any amin' ny Mpiandraikitra ny sora- piankohonana mahefa tsy misy antony ara-drariny.

Sazy: lamandy 20000 Ariary ka hatramin'ny 200000 Ariary sy fampidirana antranomaizina iray volana ka hatramin'ny telo volana na nv iray amin'ireo sazy ireo ihany.

Tsiahy: And. 143 –, lalàna 2018-027

# TOVANA

## Tovana 1 : Modelin'ny fanambara-pahaterahana

### FANAMBARANA FAHATERAHANA

ATAO SORA-BAVENTY NY FAMENOANA ITY FISY ITY

*Tsara ho tsiahivina manokana ny* ***andininy faha-124 sy faha-125*** *amin'ny lalàna laharana* ***faha-2018-027 tamin'ny 08 Febroary 2019***

Avy amin'ny : ☐ Tobim-pahasalamana
☐ Kaominina
☐ Fokontany

**NY MOMBAMOMBA AN'ILAY ZAZA**

Anarana : ..........................................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................................................

Fotoana nahaterahana :

Daty : ......../......../........ Tamin'ny : ........ ora sy ........ minitra ☐ Maraina ☐ Hariva

Toerana nahaterahana : .......................................... Fokontany : ..........................................

Kaominina : .......................................... Distrika : ..........................................

☐ Lahy ☐ Vavy

**RAY NITERAKA**

Lahara-panondroana Tokana (NUI)* : ......../......../......../......../......../......../......../......../......../........

Anarana : ..........................................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................................................

Daty nahaterahana : ......../......../........

Toerana nahaterahana : .......................................... Kaominina : ..........................................

**Fonenana :** Fokontany : ..........................................

Kaominina : .......................................... Distrika : ..........................................

Anton'asa : ..........................................

**RENY NITERAKA**

Lahara-panondroana Tokana (NUI)* : ......../......../......../......../......../......../......../......../......../........

Anarana : ..........................................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................................................

Daty nahaterahana : ......../......../........

Toerana nahaterahana : .......................................... Kaominina : ..........................................

**Fonenana :** Fokontany : ..........................................

Kaominina : .......................................... Distrika : ..........................................

Anton'asa : ..........................................

**MPANAO FANAMBARANA**

☐ Mpiasan'ny fahasalamana ☐ Fianakaviana ☐ Hafa : ....................

Rohim-pihavanana eo amin'ny mpanao fanambarana sy ny zaza teraka, raha misy : ..........................................

Lahara-panondroana Tokana (NUI)* : ......../......../......../......../......../......../......../......../......../........

Anarana : ..........................................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................................................

Daty nahaterahana : ......../......../........

Toerana nahaterahana : .......................................... Kaominina : ..........................................

Fonenana : Fokontany : ..........................................

Kaominina : .......................................... Distrika : ..........................................

Anton'asa : ..........................................

Daty nanaovana fanambarana : ......../......../........

### FISY STATISTIKA MOMBA NY FAHATERAHANA

ATAO SORA-BAVENTY NY FAMENOANA ITY FISY ITY

**NY MOMBAMOMBA AN'ILAY ZAZA**

Teraka tao @ tobim-pahasalamana ? ☐ Eny ☐ Tsia

Natrehan'ny mpiasan'ny fahasalamana ? ☐ Eny ☐ Tsia

Raha tsia : ☐ Renin-jaza ☐ Olona hafa ☐ Tsy nisy

Lanjany teo ampahaterahana : ..........Kg ..........g

**FIFANDRAISAN'NY RAY SY RENY NITERAKA**

☐ Mpivady voasoratra ara-dalana
☐ Mpivady araka ny fomban-drazana
☐ Tsy mpivady

Datin'ny fanambadiana, raha mpivady ara-panjakana : ......../......../........

**RAY NITERAKA**

Fonenana : ..........................................

Nonina tao amin'ny toeram-ponenany nandritry ny : ................ taona ................ volana

**Raha tsy manambady voasoratra ara-dalàna na araka ny fomban-drazana :**

☐ Toka-tena ☐ Nisara-panambadiana
☐ Maty vady ☐ Hafa

**Fianarana natao :**

☐ Fanabeazana fototra ☐ Ambaratonga faharoa
☐ Lisea ☐ Ambaratonga ambony
☐ Tsy nandia fianarana ☐ Hafa : ..........................

**RENY NITERAKA**

Nonina tao amin'ny toeram-ponenany nandritry ny : ................ taona ................ volana

**Raha tsy manambady voasoratra ara-dalàna na araka ny fomban-drazana :**

☐ Toka-tena ☐ Nisara-panambadiana
☐ Maty vady ☐ Hafa

**Fianarana natao :**

☐ Fanabeazana fototra ☐ Ambaratonga faharoa
☐ Lisea ☐ Ambaratonga ambony
☐ Tsy nandia fianarana ☐ Hafa : ..........................

Zaza fahafiry io teraka io ? Zaza faha-..............

Faharetan'ny fitondrana vohoka : ........volana ........andro

Impiry nisafo mandram-piteraka? ..........................................

Isan'ny zaza nateraka velona : ..........................................

Daty nahaterahan'ny zaza teraka velona talohan'izao : ......../......../........

Natao tao ..........................................ny ......../......../20......

## FENOIN'NY MPIANDRAIKITRA NY FIANKOHONANA

**Trangam-panoratana : .**

☐ Fahaterahana ☐ Fahaterahana sy fanjanahana ☐ Fanjanahana ☐ Zaza hita

☐ Didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana ☐ Hafa : ..............................................................

**Toerana nanoratana ny fahaterahana :**

Foibe misahana ny fiankohonana laharana faha : ......../......../......../........

Kaominina : .......................................................... Distrika : ..................................................

Faritra : .......................................................... Faritany : ..................................................

Daty nandraiketana azy tao anaty rejisitry ny sora-piankohonana : ......../......../........

Soratra laharana faha : ........................

Natao tao ..........................................ny ......../......../20.....

| Sonian'ny npanao fanambarana | Sonian'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana |
| --- | --- |

## Tovana 2 : Modelin’ny sora-pahaterahana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

Faritra : **FARITRA**
Distrika : **DISTRIKA**
Kaominina : **KAOMININA**

*Kopian'i Sora-Piankohonana*

Soratra n° : **000000**
Natao ny : **07 Desambra 2024**

### FAHATERAHANA

ANARANA
Fanampin’Anarana
LFT :
Teraka ny :

**SORATRA AN-TSISINY :**
Tsy misy

Nalaina tamin’ny bokim-piankohonan’ny Kaominina “Kaominina”, Foibe misahana ny fiankohonana, taona “taona”, izao soratra manaraka izao : --

---Tamin’ny “andro” “volana” “taona” tamin’ny “ora” ora sy “minitra” minitra “Maraina/Tolakandro/Hariva/Alina”, no teraka tao amin’ny “toerana nahaterahana”, fokontany “fokontany”, Kaominina “Kaominina”, Distrika “Distrika” : “Anarana” “Fanampin’anarana”, “zazalahy/zazavavy”, zanak’i “Anaran’ny Ray” “Fanampin’anaran’ny Ray”, teraka tamin’ny “andro” “volana” “taona” tao amin’ny “toerana nahaterahana”, fokontany “Fokontany”, kaominina “Kaominina, monina ao amin’ny fokontany “fokontany”, kaominina “Kaominina”, distrikta “Distrikta”, “anton’asa”, sy “Anaran’ny Reny” “Fanampin’anaran’ny Reny”, teraka tamin’ny “andro” “volana” “taona” tao amin’ny “toerana nahaterahana”, Kaominina “Kaominina, monina ao amin’ny fokontany “fokontany”, kaominina “Kaominina”, distrikta “Distrikta”, “anton’asa”. ---

---Nosoratana androany “andro” “volana” “taona” tamin’ny “ora” ora sy “minitra” minitra “maraina/tolakandro/hariva/alina”, araka ny fanambarana nataon’i “Anaran’ny mpanao fanambarana” “Fanampin’anaran’ny mpanao fanambarana”, “momba ny mpanao fanambarana”, teraka tamin’ny “andro” “volana” “taona” tao amin’ny “toerana nahaterahana”, fokontany “fokontany”, “Kaominina”, monina ao amin’ny “Fokontany”, Kaominina “Kaominina”, distrikta “Distrikta”, “anton’asa”, izay miara-manao sonia aminay “ANARANA” “Fanampin’anarana”, Mpiandraikitra ny fiankohonana eto amin’ny Kaominina “Kaominina”, rehefa novakiana taminy ity soratra ity.---

---- **MANARAKA NY SONIA** ----

---Kopia manontolo nadika mitovy amin’ny bokim-piankohonana, androany “andro” “volana” “taona”. Ary nomena an’i “anarana” “fanampin’anarana”.---

**Ny Mpiandraikitra ny sora-piankohonana**

## Tovana 3 : Fandikan-dalana sy/na tsy fahatomombanana mateti-pitranga

| Lah. | FISEHONY | TOERANA/ SAMPAN-DRAHARAHA VOAKASIKA | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| 01 | **FANAMBARAM-PAHATERAHANA** | | |
| | Tsy vitan'ny mpanao fanambarana sonia @ fotoana ametrahana azy Hopitaly sy/na Kaominina | | |
| | Tsy vita ao anatin'ny fepotoana voatondron'ny lalàna | Hopitaly sy/na Kaominina | |
| | Iniana atao eny amin'ny Kaominina hafa, ankoatra ny Kaominina misy ny Fokontany nahaterahan'ny zaza ny fanambaram-pahaterahana | | Tranga matetika: vita ny fanambarana saingy mandositra na tsy minia tsy mitranga eny @ Kaominina ny mpanao fanambarana. |
| | Fahitana avy hatrany ny anaran'ny olona milaza fa rain'ny zaza ambara fa manao fanjanahana na dia tsy miseho sy/na tsy mampiseho fanomezam-pahefana aza ilay voakasika | | |
| | Fiandrasana amin'ny fotoana, heverina fa hahafahan'ny rain'ny zaza manao fanjanahana alohan'ny firaiketana ao anaty rejisitra ny sora-pahaterahana. Toy izany ihany, vokatr'izay, ny fanomezana sora-pahaterahana voalohany | Kaominina | |
| 02 | **SORA-PAHATERAHANA** | | |
| | Iniana tsy adika ao amin'ny rejisitra amin'ny datin'andro andraisana azy ny fanambarana.<br>Iniana ho ny sora-pahaterahana no avoaka mialohan'ny hiraiketana ny soratra ao amin'ny rejisitra | Kaominina | |
| | Fanitsiana arahina fankatoavana soratra ahitana fahadisoana.<br>Voakasik'izany: ny fanitsiana anarana sy/na fanampin'anarana, fanitsiana daty sy/na taona nahaterahana (zaza na Reny na Ray) ka atao toy ny soratra an-tsiny tsy nisy didim-pitsarana | | Tsy azo atao velively. |

| Lah. | FISEHONY | TOERANA/ SAMPAN-DRAHARAHA VOAKASIKA | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| | Fanisihana na fanampiana filazana hafa mombamomban'ny olona voakasin'ny sora-pahaterahana. Matetika dia hita fa iniana asiana fankatoavana an-tsisiny io fanovana io.<br>Voakasik'izany : anarana sy/na fanampin'anarana, daty sy/na taona nahaterahana (zaza na Reny na Ray) ka atao toy ny soratra an-tsiny avy hatrany tsy nisy didim-pitsarana | Kaominina | Tsy azo atao velively |
| | Famafana amin'ny ampahany ny mombamomba an'ireo olona voakasikin'ny sora-pahaterahana. Fankatovana ny famafana natao ka raiketina ho soratra an-tsisiny tsy nisy didim-pitsarana. | Kaominina | Tsy azo atao velively |
| | Iniana raiketina avy hatrany ao amin'ny sora-pahaterahana ny fanjanahana ataon'ny olona mitonona ho rain'ny zaza na dia tsy mitondra an'ireo antotan-kevitra tsy maintsy takiana aza izy. | Kaominina | |
| | Iniana tsy raisina ny fanjanahana ataon'ny olona mitonona ho rain'ny zaza noho izy tsy feno 18 taona | Kaominina | |
| | Iniana andrasana fepotoana (30 andro na mihoatra) ao aorian'ny daty andraisana ny fanambaram-pahaterahana ny firaiketana sora-pahaterahan'ny zaza iray avy amin'ny mpivady tsy vita soratra ara-dalàna ka tsy tonga nanao ilay fanambarana teny am-piandohana ny rainy.<br><br>Miandry manaraka izany koa ny famoahana ny sora-pahaterahana voalohany | | |
| | Fampidirana soratra an-tsisiny tsy hita fototra | | |

| Lah. | FISEHONY | TOERANA/ SAMPAN-DRAHARAHA VOAKASIKA | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| 03 | **REJISITRY NY FIANKOHONANA** | | |
| | Iniana tsy adika ao anatin'ny rejisitra ny sora-pahaterahana. | | |
| | Tsy voavidy ara-potoana ny rejisitra tokony hampiasaina amin'ny taona diavina | | |
| | Tsy vita ara-potoana ny fandefasana eny anivon'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany an'ireo rejisitra hampiasaina amin'ny taona manaraka mba hanaovana fanisana ny takelaka sy hanaovana rangopohy isa-takelaka. | | |
| | Tsy voarain'ny Kaominina ara-poatoana ireo rejisitra vita fanatoavana | | |
| | Tsy mampiasa dika roa mitovy amin'ny rejisitra ny Kaominina amin'ny taona diavina | | |
| | Voandingana, na iniana dinganina ny pejy iray na mihoatra ao amin'ny rejisitra | | |
| | Iniana tsy faranana amin'ny fikatonan'ny taom-piasana (faha 31 ny volana desambra) ny rejisitra. | | |
| | Iniana ampidirana soratra hafa ny rejisitra ao aorian'ny datin'andro tokony hikatonany | | |
| | Iniana ho dika mitovy iray ihany no alefan'ny Kaominina eny @ Fitsarana Ambaratonga Voalohany ao aorian'ny famaranana azy | | |
| | Tsy vita ny fanisana isaky ny dimy taona. | | |
| 04 | **ANTOTAN-TARATASY FOTOTRA SY TAHIRY** | | |
| | Fanaovana tsinotsinona ny fitakiana antotan-taratasy fototra (ohatra: fanambarana fahaterahana). | | |
| | Fanaovana tsinotsinona ny fitehirizana (ao @ sampan-daraharaha voakasika) ny antotan-taratasy nampiarahana @ fanambaram-pahaterahana | | |

| Lah. | FISEHONY | TOERANA/ SAMPAN-DRAHARAHA VOAKASIKA | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| **03** | **SORATRA AN-TSISINY** | | |
| | Tsy voasoratra ara-potoana ao anaty rejisitra | | |
| | Ahitana soratra manitsy, manampy na manafoana ny filazana hita ao amin'ny soratra voalohany | | |
| | Tsy voarakitra amin'ny dika roa mitovin'ny boky ny soratra an-tsisiny | | |
| | Tsy ahafantarana ny mpitantsoratry ny fiankohonana na ny tomponandraikitry ny fiankohonana nanao ny soratra an-tsisiny | | |
| | Tsy vita sonia | | |
| | Tsy ahitana ny fitombokin'ny Kaominina | | |
| | Tsy misy fampahafantarana ny Kaominina tokony hiantefany | | |

## Tovana IV : Rakitent nofantenina

Akatona (ny rejisitra) : clôturer le registre
Ankatoavina: approuver
Antotan-kevitra: données
**Boky firaketana ny fiankohonana na rejisitry ny fiankohonana**: registre d'état civil
Dika mitovy manontolo (sora-piankohonana) : copie intégrale
Didim-pitsarana manitsy: jugement rectificatif
Didin'ny Filohan'ny Fitsarana: ordonnance
Didin'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany: jugement
Didin'ny Fitsarana Ambony: Arrêt
Didy miafina: testament
Fahadisoana ara-materialy : erreur matérielle
Fahamarinana : honnêteté
**Fahiziana**: identité
Fahitsiana : intégrité
Famatsiana (vola famatsiana) : subvention
Fampidirana olona hafa anaty sora-piankohonana: supposition de personnes
Fampizahana: renvoi
Fanafoanana ny fanambadiana: annulation du mariage
**Fanambarana fahaterahana**: déclaration de naissance
Fanampiana (sora-piankohonana) : addition
Fanatsiniana: altération/altérer
Fanaovana soratra sandoka: faux en écriture
Fanjanahana: reconnaissance (d'enfant)
Fananganan-jaza: adoption d'un enfant
Fanoroana manaja ny abidia: mentions suivant la table alphabétique
Faranana (ny rejisitra): arrêter le registre
**Fianahana**: filiation
Fianahana avy amin' ny fananganana: filiation adoptive
Fianahana avy amin' ny ray: filiation paternelle
**Fiarovana ny tahirin-kevitra mahakasika manokana ny olona tsirairay**: protection des données à caractère personnel
Fihainoana ny feon'ny fieritreretana @ sehatry ny asa: conscience professionnelle
Firaketana fahaterahana: enregistrement de naissance
Firaketana ny fiankohonana: enregistrement des faits d'état civil
Firaketan-draharahan' ny Fitsarana: Greffe
Firaiketana isaky ny dimy taona: tables quinquennales
Fitsipahana ny maha-ray: désaveu de paternité
Fitsipi-pitondrantena : déontologie
**Ivotoeram-pirenena misahana ny fiankohonana sy ny fahiziana**: Centre National d'Etat civil et de l'identité.

Kosoka: rature
**Laharam-panondroana tokana (LFT):** Numéro Unique d'Identification
Manan-kery mandra-panaporofoana hosoka: font foi jusqu'à inscription de faux
Manankery mandra-pisian'ny porofo manohitra: font foi jusqu'à preuve du contraire
Manan-kery amin'ny rehetra: opposable à tous
Manatoa: anthentifier
Mpanandraharaha: usager
Mpiasan' ny fahefam-panjakana: agent de l'autorité publique
Mpiraki-tenim-panjakana: officier public
Mpiseho sehatra: comparant
**Rafitra ara-haikajy mirindra momba ny sora-piankohonana**: Système informatisé de l'état civil
Rangopohy: paraphe
Rejisitra ara-haikajy: registre numérique
Rejisitra firaketana manokana: registres spéciaux
**Rindrambaiko** : logiciel
**Soratra**: acte
Soratra toa: acte authentique
Soratra notoavina: acte authentifié
Soritra voatsiny: trace d'altération
Soratra fanamarinana ny fantatry ny rehetra : acte de notoriété
Tahadikan'ny sora-piankohonana: extrait d'acte d'état civil
Tahiry fototra ara-haikajy: base de données numériques
Tanjon'ny Fampandrosoana Lovain-jafy: Objectifs de Développement Durable
Tenimita: circulaire
Tandrohasina : éthique
**Trangam-piankohonana** : faits d'état civil